Ny Valosoa sy fakafaka 2
**Rajoelina sy ny fitondrany mihitsy no olana eto**

Tsy mahavaha olana ny fisondrotan-karama 3
**Mihàtra amin'ny taolana ny fahantrana ho an'ny maro an'isa**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 10 may 2022 Laharana 1296 Vidiny : **500 Ar**



500 Ariary ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao manomboka androany



www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fiainam-pirenena** 2

# Tratran'ny « taquet d'arrêt » i Madagasikara



**TIM Fenoarivo Atsinanana** 3

# Miantso an-dRavalo hirotsaka hofidiana noho ny traikefany



**Lavo ny andrarezina Denis Rajersia** 3

# Mpanao gazety efa anisan'ny niara-dia tamin-dRavalo tany ivelany



**«Collectif des Elus» TIM** 2

# Manohitra ny antsojay atao amin'ny mpanolotsaina namany



**Mpiasan'ny CNAPS misotro rorono** 6
Manahy ny amin'ny ho avin'ireo mpiasa mpandoa latsakemboka ao

**Manao tsipaipaika ny vahoaka** 7
Tsy vitan'ny fanjakana intsony ny fanamboarana ny RN8

**Daka kely**

Mandehana miverina mianatra manisa mihitsy ialahy aloa ry Boaikely a !

COLLECTIF DES ELUS TIM

# Manohitra ny antsojay atao amin'ny mpanolotsaina namany

Manoloana ny antsojay miendrika politika, atao amin'ny mpanolotsaina Clemence Raharinirina sy Lily Rafaralahy ary ireo mpanolotsaina 5 mirahalahy, ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia nanao fanambaràna ny Collectif des Elus TIM, izay itambaran'ny ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ao anatin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay eo ambany fiahian'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM sy RMDM. Ny mpanolotsainan'ny tanàna, filohan'ny Collectif des Elus Andrianjafy Christian, no nitondra teny tamin'izany. Tsipahinay marindrano hoy ny fanambaràna ny fanitsakitsahana ny zon'ireo mpanolotsaina. Ny famoronana dossier tsy mitombina, ny fanalam-baraka, ny fanelingelenana samihafa ary indrindra ny fikasàna sy ny paipaikady hanalàna ny mpanolotsaina eo amin'ny toerany, izay tsy mifanaraka amin'ny lalàna velona eto amin'ny tany sy ny firenena. Koa antsoina isika olomboafidy rehetra na ben'ny tanàna, na mpanolotsaina manoloana izao ramatahora izao, mba hiaraka hientana sy hifanome tanana ary handray andraikitra manoloana izany rehetra izany. Mahatoky ny fijoroan'ny fitsaràna amin' ny fahamarinana ary ny tsy fitongilanan'ny mpitandro filaminana izahay hoy ny Collectif des Elus, no sady manohitra marindrano amin'ny endriny rehetra izao fihetsika mampidi-doza izao, satria na ny fototra niavian'izao raharaha izao sy ny manodidina azy aza dia tsy mbola nanaovana famotorana sy fanenjehana akory, nefa lazaina ombieny ombieny fa tany tan-dalàna i Madagasikara. Raha mila tanàna sy firenena mandroso isika izay dradradraina etsy sy eroa dia tokony tsy hiditra amin'ny toe-javatra toy izao, fa tokony hanana toe-tsaina demokratika. Ny fanaovana ramatahora sy fanapenam-bava toy izao dia mety hiteraka korontana, ka tompon'andraikitra amin'izany ny mpitondra sy ireo mpitsara, izay tsy manaja ny fahamarinana, ka tsy tompon'andraikitra amin'izany ny TIM araka ny fanambaràna nataon'ny Collectif des Elus. Raha ny vaovao farany teny Anosy omaly dia mbola natao fanadihadiana lalina teny izy 7 mianadahy. Miandry ny tohiny indray ny rehetra.

***Helisoa***

RMDM Analamanga

# Nanatanteraka fihaonana voalohany teny Amboanjobe

Nanatanteraka fihaonana voalohany teny Amboanjobe Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo, ny Rodoben'ny Mpanohitra : RMDM amin'ny faritra Analamanga. Fitsangatsanganana sy fiarahamidinidinika momba ny raharaham-pirenena, no anisan'ny natao teny an-toerana nandritra ny fotoana. Arak'izany, sady fialamboly, no natao ho fivoriana niaraka, nahafahana nametraka ny tanjona iraisan'ireo mpikatroka ny fotoana. Nahatonga solontena tamin' izany avokoa ny mpitarika amin'ny RMDM avy amin' ny Boriboritany miisa 6 eto Antananarivo Renivohitra, ny avy any Avaradrano, Atsimondrano, Andramasina, Ambohidratrimo. Santatra ambava rano izao hetsika nataon'ny RMDM Analamanga izao, hoy ny mpitarika azy ireo Andriamatoa Tsiry, fa ny manetsabe mbola ho avy, amin'ny fandraisan'anjara amin'ny fiainam-pirenena, ny fiatrehana ny fifidianana ho avy, indrindra ny ho famerenana ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM indray, ho amin'ny fitantanana ny firenena.

***Isambilo***

Politika

# Ho very hasina hatrany ny Fitsarana raha tsy mitandrina

Nisy trangana raharaha maromaro teo anivon'ny fitsarana tato ho ato izay nisarika ny sain'ny mpanara-baovao maro. Raharaham-pitsarana izay manahirana ny sain'ny mpandala ny demôkrasia eto amin'ny firenena. Ny tsikaritra, dia zary toa miverina indray ny kisarisarina tsindry mahazo ny fitsarana amin'ny fandinihana ny raharaha tsarainy. Anisan'izany, ohatra raha tsorina, ny raharaha momba ireo mpanolotsaina roa eo anivon'ny kaomina Antananarivo renivohitra (CUA), izay niakatra teny amin'ny Fitsarana Anosy andro maromaro lasa izay. Iaraha-mahalala aloha izany izao, fa tsy mbola nitsara sy namoaka didim-pitsarana ny tribonaly. Ny tsapan'ny olom-pirenena anefa, dia toa misy ambadika politika sy tsindry ihany ao anatin'ny resaka. Vao tsy ela koa anefa, dia misy mpanao politika mitady hitsabaka amin'ny raharaham-pitsarana, toy izay nitranga tany Mahajanga, ary nanampy izay ny fitabataban'ny solombavambahoaka nampiaka-peo nandrahona ny Sendikan'ny Mpitsara (SMM) amina raharaham-pitsarana. Efa nilaza ny heviny momba izany ny ankilany araka ny fampitam-baovao amin'ny fitaovan-tserasera.

Niaraha-nahalala, fa nisy fotoana, tafiditra lalina, mba tsy ilazana hoe voafatotry ny mpanao politika teo amin'ny fitondrana ny Fitsarana. Izany hoe notsindrin'ny fahefana mpanatanteraka sy ny mpa-nao lalàna ity fahefana fahatelo ity. Niseho izany tamin'ny andron'ny tetezamita nanomboka ny taona 2009, niakaran'ireo mpanongam-panjakana teo amin'ny fitondrana. Ankoatra izay, nanampy ireo ihany koa izay mpanambola manam-pahefana, ka nahatsiaro ho tratry ny tsy rariny sy tsy hitsiny ny vahoaka madinika na ny sarambabem-bahoaka. Toa tsy natao ho azy, ireto sokajin'ny maro an'isa ireto, ny fitsarana raha ny fahitany azy tamin'izay. Nahavery hasina ny Fitsarana teo imason'ny vahoaka izany toe-javatra izany. Taty aoriana, nisy ny mba ezaka nanarenana izany, nisy vokany kely kanefa tsy mbola tafaverina tamin'ny toerany na ny hasiny ity fahefana mpitsara ity. Tokony mbola hitohy izany ezaka izany, ary mbola mila ezaka be, kanefa izao indray toa zary hafahafa ny lalany izorany raha ny fahitan'ny mpandinika ny fiainam-pirenena. Tsikaritra koa anefa, fa mbola misy ihany ao olona, mpitsara, saropiaro amin'izay hasina sy fahaleovantenan'ny fitsarana izay ao, ary miady amin'izany hatrany.

***Sôh'son***

Fiainam-pirenena

# Tratran'ny « taquet d'arrêt » i Madagasikara

Hiverina indray eto Antananarivo Renivohitra ny fametahana ''taquet d'arrêt '' amin'ireo fiara, izay tratra miantsona amin'ny toerana tsy tokony ijanonana.

Volabe no aloa amin'ny Cua vao afa-mihetsika ilay fiara, ny fakambola rahateo no mahamendy an'Ingahy Ben'ny tanàna Vazahabe sy ny forongony, fa tsy ny hifantoka amin'ny fikarakarana ny tanàna toy ny fandraofana ny fako sy ny fanamboaran-dalana, izay efa herinandro maromaro no nambara fa natomboka, saingy tsy hita izay vita, kanefa ny fifamoivoizana tapaka, ankoatr'ireo dia ny fitoriana ireo mpanolotsainan'ny tanàna sahy mijoro milaza ny marina no ihazakazahana, ny vokatr'izany rehetra izany dia ny fiainan'ny vahoaka eto Antananarivo Renivohitra mihitsy no tratran'ny ''taquet d'arrêt'', mikatso tsy afa- mihodina kanefa takiana volabe toy ny hetran-trano sady miaina ao anatin'ny loto sns...

Fa tsy ny fiainan'ny vahoaka eto Antananarivo Renivohitra ihany no mikatso, fa efa manerana an'i Madagasikara no misy ny '' taquet d'arrêt'' mampikatso ny fihodin'ny raharahampirenena, vokatry ny fitantanana gaboraraka ataon'Ingahy Filoha Rajoelina sy ny forongony. Ohatra faran'izay tsotra ; ny fomba nitantanana ny vola nampiasaina tamin'ny fiatrehana ny aretina koronaviriosy dia manome vahana ny mpamatsy vola iraisampirenena hametaka ny ''taquet d'arrêt''amintsika malagasy, tsy izay ihany fa mbola ao koa ny famparam-pahefana ataon'ny fitondrana amin'ny fanaovan'ny olona akaiky azy ampihimamba ny fanondranana ireo vokatra mampalaza antsika malagasy, toy ny lavanila sy ny lodsia sns.., ny raharaha fanondranana volamena sy harena sarobidy antsokosoko hafa izay toa vitavita ho azy, sns...

Vao tamin'ny Talata 03 Mey 2022, nandritra ny fankalazana ny ''andro iraisampirenena ho amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovangazety'', dia tsy tahotra tsy henatra Ramatoa Minisitra Lalatiana miadidy ny Serasera sy ny Kolontsaina, nanambara fa malalaka hono ny asa fanaovangazety eto Madagasikara ary tsy nisy ny famonjana mpanao gazety hatramin'ny 2019 nitondran'Ingahy Filoha ankehitriny, kanefa iza no tsy mahatsiaro ny nampidirana am-ponja ny Talentsika teto amin'ny gazety '' Ny Valosoa Vaovao'' nandritra ny iray volana tamin'ny taona 2020, ny Radio sy Televiziona MBS tsy avela handeha any amin'ny '' Canal plus sy Startimes ary Blueline'' nanomboka tamin'ny 05 Febroary 2020, ary izy mirahavavy mpanolotsainan'ny tanàna izay mpanentana fandaharana ao amin'ny MBS tsy avela hiteny, saingy ny mahatsikaiky tsy nandrasana ela fa ny andron'io 03 Mey 2022 io ihany, dia tonga ny valin-kafatra avy amin'ny '' RSF'' na'' Reporter Sans Frontières'', nilaza ny filaharana sy ny isa azon'i Madagasikara eo amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovangazety, dia nibaradaka niaro tena ny minisitera fa petatoko hono ny navoakan'ny '' RSF'', kanefa dia iaraha-mahalala fa matihanina amin'ilay taranja no nanao ny fanadihadiana ary eken'izao tontolo izao izay vokatra avoakan'izany '' RSF ''izany.

Dia nampiakarina indray ny karaman'ny mpiasa malagasy, tsy misy ny maharatsy an'izany, fa ny manahirana dia hita fa hevitra taingina no betsaka, tsy mifanaraka amin'ny lalàna ireo fepetra petatoko izay azo antoka, fa hotsikafonin'ireo solombavambahoaka, tsy manaiky lembenana amin'izao fivoriana ara-potoana handinihana ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny tetibola izao.

Mikasika ny dian'Ingahy Filoha Rajoelina tany Etazonia dia ireny niaraha-nahita ireny ny vokany fa tsy nahazo famatsiambola ilay ''Pem'', ary ny firenentsika dia voasokajy ho anisan'ireo firenena marefo indrindra eran-tany, izay mbola mampirehareha ny mpitondra ihany, kanefa dia mampisitribelona izany, mahamenatra satria voasokajy ho anisan'ny firenena farahidiny eran-tany i Madagasikara no dikany.

Amehezana azy dia mafy ny '' taquet d'arrêt'' mipetaka amintsika malagasy vokatry ny nataon'ny mpitondra, ary ny tena mahasarotra ny raharaha dia ny fianakaviambe iraisampirenena mihitsy no mitana ny fanalahidin'ilay '' taquet d'arrêt'', ny vahaolana ho antsika vahoaka malagasy, dia tsy misy afa-tsy ny fahaizana mifidy ihany amin'ny taona 2023 na mialohan'io, io no fomba hahafahana hanala ny ''taquet d'arrêt '' mampikatso antsika.

***Ny Valosoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Rajoelina sy ny fitondrany mihitsy no olana eto

Tsy hitondra mankaiza ny firenena ny fampihàrana geja amin'ny endriny samihafa ny vahoaka. Tsy hahasoa ny vahoaka velively ny fomba fanampenambava amin'ny endriny samihafa tsy haneho hevitra amin'ny fiainam-pirenena. Vao mainka manimba firenena ny hametrahana ny vahoaka ho tompontrano mihono amin'ny zava-mitranga rehetra, fa izay resaka fanazavana amboamboarina avy amin'ny fitondrana no atolotra sy hazavaina aminy. Fahadisoana tanteraka amin'ny fomba fitantanam-pirenena izany ary matetika ny tompony ihany no ifoterany sy itodiany.

Mihazakazaka miroso amin'izany ny fitondrana raha ny zava-misy hita taratra eto amin'ny firenena. Tsikaritra izany na mody atao an-kinafinafina aza, fa tsy sahy ambara ampahibemaso. Ny manaporofo izany, ny famakiana bantsilana ataon'ireo olona ihàran'izany amin'ny firesahana amin'ny haino amanjery samihafa ny amin'ny tsy fanajana ny rariny sy hitsiny. Manamafy ireny ihany koa ny fikambanana maro samihafa, na manao politika na tsia, izay misy eto amin'ny firenena. Raha tsy nisy an'ireny dia tsy nahafantatra n'inona n'inona ny vahoaka fa zary nandeha resaka an-kifonofono sy honohono sisa ny zava-nisy eto. Hiteraka voka-dratsy eo amin'ny fifandraisan'ny fitondrana sy ny vahoaka hatrany izany. Ny ankehitriny aza efa tsy hay lazaina intsony ny elanelana manasaraka sy ny tsy fifampitokisana eo amin'ny roa tonta. Ny vahaolana ataon'ny fitondrana amin'izany anefa tsy hita soritra mazava. Manampy trotraka izany rahateo ny tsy fisian'ny finiavan'izao fitondrana Rajoelina izao, efa ho efa-taona latsaka izao, amin'ny ezaka famerenana ny fampihavanana eto amin'ny firenena. Manaporofo izany, ohatra, ny fandrirarirana efa aman-taonany izao ny momba ny fitakian'ireo gadra politika mivondrona eo anivon'ny Fedep. Efa nambara teto hatrany am-piandohan'ny nandraisan-dRajoelina ny fitondrana, fa anisan'ny sakana lehibe iray amin'ny fampandrosoana ny firenena dia ny tsy famerenankasina ny fihavanana eo amin'ny mpiray tanindrazana. Io tsy vitan'ny vava fotsiny ataon'ny mpitondra eny am-pikabariana amin'ny sehatra samihafa, fa tena mila asa mivaingana. Dia miharihary ankehitrny, ny fanaovana an-tsirambina izany izay iarahamahita sy miaina izao ny zava-misy eto amin'ny firenena, mandrorona ny asa fampandrosoana.

Ny mahavariana, dia ny fitondrana hatrany no mitaky sy mangataka fitoniana eto amin'ity firenena ity. Samy miaiky anefa ny maro, ary efa milaza izany hatrany ny mpanohitra, fa ny eo anivon'ny fitondrana ihany no rangory fototry ny afo, avy aminy ihany no hisian'ny tsy fitoniana, satria efa eo ampelatanany amin'ny ankapobeny ny fifehezana ny andrim-panjakana rehetra. Na ny toeran'ny mpanohitra eo anivon'ny Antenimierampirenena aza nataony tamin'izay tian'ny fitondrana anaovana azy. Ny Lalampanorenana hosihoseny amin'izay tiany atao, ohatra, ny momba ny governora, sns... Koa tsy atao hahagaga raha mitranga ny olana maro samihafa ankehitriny eto amin'ny firenena, ny fitondrana sy Rajoelina mihitsy izany no olana ho an'ny firenentsika ankehitriny.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy mahavaha olana ny fisondrotan-karama

# Mihàtra amin'ny taolana ny fahantrana ho an'ny maro an'isa

Maha be resaka tokoa ny fampiakarana karama nolazain-dRajoelina Andry rehefa tafaverina avy any Washington izy, sy ny delegasiôna mafonja niaraka taminy. Ny nahatonga ny ady hevitra dia ny antony voalazany fa nahatonga azy hampiakatra ny karama dia ny ady any Ukraine sy ny rivodoza efatra nandalo teto Madagasikara ary ny valanaretina covid-19. Fantatro hoy izy ny fahasahiranan'ny mpiasa noho ireo antony ireo. Toa tsy fantany na efa tsy manana fitadidiana intsony ity filohan'ny Repoblika ity, fa noho ny fihibohana izay niteraka ny fikatonan'ny orinasa maro, ka naha very asa ny ankamaroan'ny mpiasa tany amin'ireo orinasa nanakaton-trano ireo. Nanampy trotraka izany ny fiakaran'ny vidim-piainana tsy nisy fiatoana noho ny tsy nahafahan'ny olona namokatra intsony, izay mazava ho azy, fa eo amin'ny sehatry ny varotra dia ny lalàn'ny tolotra sy ny tinady no mibaiko azy. Noho izy ihany koa no nahazoan'ny valanaretina nahazo vahana, izay notsinontsiniavina tanteraka satria, hono, tsy mafy noho ny kolérà sy ny pesta, ka tsy nekeny ny fanidiana ny sisintany satria hisy fiantraikany amin'ny toekarena malagasy izany. Rehefa halalinina anefa ny tena anton'izany dia mbola nisy havana na mpiray petsapetsa tsy tafaverina an-tanindrazana, ka tsy maintsy nandrasana ny fiverenany vao nakatona ny sisintany. Nahazo fanampiana avy any amin'ireo mpiara-miombon'antoka ny fitondrana nentina nanampiana ny vahoaka kanefa dia tari-drano an-kilahila ny nitantanana ny fanampiana, ka ny very no betsaka. Nozaraina ny « vatsy tsinjo » sy ny « tosika fameno », nanafatra sambo roapolo isa hitondra vary sy kojakoja ilain'ny mponina andavanandro, kanefa efa mihàtra amin'ny taolana ny fahantrana vao tonga ny vary amidy arivo ariary ny iray kilao. Tsy mahavaha ny olana mianjady amin'ny vahoaka anefa izany. Tsy mahavaha ny olana mianjady amin'ny maro an'isa koa ny fisondrotan-karama. Talohan'ny ady any Ukraine, no nandalo ny rivo-doza telo izay nandravarava ny tany Atsimo Atsinanan'ny Nosy ary marina fa nanamafy ny fahasahiranan'ny vahoaka tany an-toerana ireo saingy, tsy taorian'ireo vao sahirana ny mponina manerana ny Nosy. Ny volana febroary 2022 vao nipoaka ny ady any Ukraine ary tsy mbola misy fiantraikany eto Madagasikara izany ady izany. Araka izany dia mbola mitohy mampandry adrisa ihany Rajoelina Andry, satria maro an'isa ny mpiasam-panjakana ao anatin'ny sokajy voalohany sy faharoa (categories I sy II) dia hampiakarina 25¨% ny karamany, ka mampihena kely ny elanelan'ny karamany amin'ny an'ireo sokajy anelanelany fahatelo, ka hatramin'ny fahasivy izay nasondrotra 13% izany. Raha ity lafiny ity no jerena dia toa voasaina ny fanapahan-kevitra saingy tsy mahavaha ny olana mianjady amin'ny mpiasam-panjakana izany. Efa niadian'ny "grands corps" tamin'ny tetezamita ny fanavaozana ny "grille indiciaire", ka ny maripa-haizana (diplôme) mitovy dia mari-karama mitovy izay azo antoka, fa hampivaha ny lonilony eo anivon'ny samy mpiasam-panjakana, ka mampizarazara azy. Tsy ny mpiasam-panjakana irery ihany koa no sahirana fa eo ireo very asa noho ny fihibohana sy ireo tantsaha malagasy izay hahilika sy tsy novidiana ny voka-bary, fa ny mpamboly vary any amin'ny firenen-kafa no omena tombony. Ambonin'izany dia bodoin'ny mpitondra amin'ny alàlan'ny SPE ny fanafarana ny kojakoja ilain'ny mponina andavanandro, izay manilika ny mpandraharaha malagasy amin'ity sehatra ity, ka mampiakatra ny isan'ny very asa. Ka pimaso ataon-dRajoelina Andry amin'ny mpiasa rehetra, na amin'ny sehatra miankina na tsy miankina, ve izao fampisondrotana ny karama izao? Ny Malagsy tokoa mantsy toa mora mionona dia aleo mihinan-kely toy izay mandry fotsy ary atao sotro ranon'akoho izao, ka izay kely azo andrandraina. Tsy vonji-tavanandro no tadiavina eto amin'ity Firenena ity, fa vahaolana maharitra, ka tsy hahasakana ny sarom-bilany tsy hipoaka izao fampiakarana karama izao ary tsy hampiakatra ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy, satria hisy fiantraikany eto amin'izay ny ady any Ukraine, izay hiteraka fiakaran'ny vidin-tsolika indray.

***Andry Tsiavalona***

Lavo ny andrarezina Denis Rajersia

# Mpanao gazety efa anisan'ny niara-dia tamin-dRavalo tany ivelany



Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety, lavo ny andrarezina Denis Rajersia, mpanao gazetin'ny Radio Madagasikara tany Antsiranana. Noho ny traikefany, anisan'ireo mpanao gazety tany amin'ny faritra, efa niara-dia tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tany ivelany izy, nandritra ny fotoana nitondran'ny filoha nasiônalin'ny antoko TIM sy ny RMDM. Nandritra ny fivahinianan'ny filoha Ravalomanana tany Tanzania tamin'ny taona 2008 dia ny mpanao gazety Denis Rajersia, no nandrakotra sy nampita ny vaovaon'ny TVM sy ny RNM tamin'izany avy any. Nandritra ny fitondran'ny filoha Ravalomanana tokoa dia nifandimby ny mpanao gazety niara-dia taminy nankany ivelany ary anisan'izany koa ny mpanao gazety avy any amin'ny faritra, fa tsy ny teto an-drenivohitra ihany. Nodimandry ny alahady 8 mey 2022, tao Antsiranana, teo amin'ny faha 61 taonany ny mpanao gazety Denis RAJERISIA, mpiasam-panjakana misotro ronono. Efa nitazona andraikitra maro teo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera izy nandritra ny 25 taona, nanomboka ny 30 mey 1996 hatramin'ny 30 mey 2021. Mpanao gazety tao amin'ny Radiom-paritra Antsiranana, na ny Radio Varatraza izy; efa delegen'ny RNM sy ny TVM tany Antalaha ihany koa. Taorian'izay dia voatendry ho lehiben'ny sampan-draharahan'ny Serasera tao Antsiranana ; Talem-paritry ny Serasera DIANA ihany koa ary Chef SAF tao anivon'ny Fitaleavam-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina DIANA. Mbola niasa amin'ny maha mpanao gazety izy izao nodimandry izao. Noho ny ratra nahazo azy tamin'ny lozam-piarakodia nitranga tany Maromokotra, Fokontany Angodorofo, Kaominina Ambanivohitra Beramanja, Distrikan'Ambilobe faritra Diana ny 25 aprily lasa teo no nitarika ny fahafatesany. Mpanao gazety tso-piaina nahay nifandray tamin'ny olon-drehetra Rajersia. Efa nandalo sedra maro indrindra ara- pahasalamana izy, fa voadingany ireny, fa ity accident teo anelanelan'Ambanja sy Antsiranana ity no fetra farany ho azy. Mpandala ny maha- malagasy ary nandalina izany tany amin'ny Oniversiten'Antsiranana Ratompokolahy. Any Ambatojôbin'i Vohemar faritra Sava, no hanitrihana ny nofo mangatsiakany raha omaly alatsinainy tamin'ny 7 ora hariva, no nanaovana ny lamesa fanaovam-beloma farany azy tao an-tranony , croisement SINPA tao Diego. 30 taona mahery nilomanosana tamin'ny asa fanaovan-gazety ny lehilahy ary nazoto nampianatra sy nampita ny fahaizany ihany koa. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany. Mandria am-piadanana Denis Rajersia.

***Ny Valosoa***

RAHARAHAM-PIRENENA

# Mivaly tsikelikely amin-dry Rajoelina ny tsy rariny ataony

Maro ireo manampahefana na ngetroka fahiny no efa tsy miasa, miala sasatra, miandry ny volan'ny fisotroan-dronono isan-telo volana eo sisa, ka tsy mahita afa-tsy ny any ambanivohitra raha fintinina. Tsy vitsy amin'izy ireny anefa no mbola manipy teny aty amin'ny gazety manambara fa: "Mivaly tsikelikely amin-dRajoelina ny tsy rariny nataony tamin'ny taona 2009 ", raha ampitahaina amin'ny toe-java-misy sy ny fiainan-tsarotra amin'izao fotoana. 13 taona lasa izay, isa izay tsy foin-dRajoelina mihitsy raha atao bango tokana, nefa dia vintan-dratsy ho an ' ny hafa ihany, toy ny tsy nisy mihitsy izany fitondrana Rajaonarimampianina izany, fa tonga dia raiki-tahotra enjehin'ny tsy rariny natao tamin'ny 2009 sy ny tetezamita ireny, ka mbola mitady hatrany izay fomba hibahanana an-dRavalomanana amin'ny fotoam-pifidianana 2023 manaraka eo ry Rajoelina. Hita sy tsapa mantsy fa efa tena sahiranana tokoa ra-malagasy, misondrotra be ny vidim-piainana, tsy mifanaraka amin'ilay FENITRA dradradradraina etsy sy eroa intsony, ka voatery nindrana maneran-tany indray nefa efa nanaovana vava tsy ambina izany. Hasondrotra ny karaman'ny mpiasa (smig ), nefa samy mahatsapa fa tsy vaha-olana mihitsy izany, ny eo ihany no eo hoy ireo ngetroka fahiny sendra anay, ary vao nilaza Rajoelina fa hiampy 25% ny karama farany ambany indrindra efa saro-bahana ihany, dia niteny koa ny mpivaro-kena sy anana, fa haka ny anjaranay koa izahay amin'ireo entana kely mba hamidinay. Ny fitaterana moa efa nanipy feo ihany fa hiakatra 700ar hatramin'ny 1000ar. ny saran-dàlana atsy ho atsy raha tsy voafehy io vidin-tsolika io.
Fomban 'ity fitondrana ity ny manao hoe: 60 taona mahery izay; tsy mbola nisy nahavita ny vitan'ity filoha ity, marina avokoa ny ambarany satria mbola boaikely taty aoriana izy, nefa raha izay no fintinina dia hoe: Efa nisy koa angaha ny covid 19 tany aloha?, efa niady ve ny rosiana sy ukrainiana? efa nifamahofaho be toy izao ve ny karama sy tambin-karama? nefa dia toa mialokaloka amin'ireny tranga ireny hatrany, ny grevy miparitaka, orinasa simba, tsy asa mitombo tsy an-kiato, mpanolana sy mpangalatra mitombo tsy misy farany nefa dia toa lasa ko-vavany fotsiny hatrany. Ireo efa zokiolona, be taona, moa raha sendra anay teny atsimondrano, Antsahadinta, Alakamisy fenoarivo sy ny manodidina dia nanambara fa NENINA ireny fanohanana an-dRajoelina tamin'ny tetezamita ireny, satria na ny Ceni(T ) aza dia efa paika ratsy avokoa tamin' izany fotoana, ka lasa Ceni + Doublon/triplon indray taty aoriana. Nilaza koa ireto sendra anay, oviana tamin'izao fitondrana izao no mba niantsoantso ny tafika, zandary, polisy.... ka hanao hoe: avohay, aiza?, asondroty, na handao hanao grevy sy ny sisa, satria ilay GALONA no atao sarontava, takon-kenatra raha atao in-dray mijery.

***Beharo***

TIM Fenoarivo Atsinanana

# Miantso an-dRavalo hirotsaka hofidiana amin'ny 2023 noho ny traikefany



*Ireo lohandohan'ny mpisorona amin'ny antoko TIM any Fenoarivo Atsinanana.*

Nanatanteraka fanameloma-maso sy fanabeazamboho, na redynamisation ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ireo mpitarika ity antoko ity, tany Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo ny faran'ny herinandro teo. Noho ny traikefa ananan'ny filoha Marc Ravalomanana, amin'ny fitantanam-pirenena sy fahaiza-mitarika, miantso ity ray amandrenin'ny firenena ity hirotsaka hofidiana ho filoha indray izy ireo amin'ny taona 2023. Araka ny fanambarana nataon'ireo mpitarika ny TIM Fenoarivo Atsinanana nandritra izany: "diso fanantenana amin'ny fitondrana ankehitriny ny vahoaka, ny Filoha Marc Ravalomanana no efa manana traikefa amin'ny fitondrana ny firenena, koa miantso azy izahay hirotsaka ho fidiana ho filohampirenena indray, mijaly sy tena sahirana ny vahoaka amin'izao fotoana, ny filoha Ravalomanana ihany no anisan'ny hahavaha izao olana lalina eto amin'ny firenena izao."

***Isambilo***

TONONKALO

## Mba jereo koa ny tantsaha

Fambolena , fiompiana , ireo no tokony hotohanana,
Malagasy maro mantsy no hita fa mivelona ao.
Kanefa hita miharihary ny hadontoana sy havendranana,
Fa ny momba ireo indray no tena atao ankilabao !

Tsy misy fantatr`i Boaikely izay tontolo ambanivohitra,
Ka tsy hainy, tsy ao an-tsainy ny hanampy ireo tantsaha.
Raha vao misy tolo-kevitra miainga avy amin`ny mpanohitra,
Dia tena laviny fa hoe manoro vohony azy angaha !

Amin`ny Malagasy zato , valopolo no tantsaha.
(`Zay fampiakarana karama , tsy hitera-bokatra aminy !)
Ka dia tena redirety sady tsy hanova "raha",
Ny tetikadin`ny mpitondra sy izay mety ho rindrandaminy.

Fambolena , fiompiana , ireo no ataovy lohalaharana.
Raha be ny vola ho avy , aoka ireo mba tsy ho gisitra.
Masomboly miampy zezika sy fitaovam-pamokarana,
Toy ny hoe trakitera , izay no ataovy lohalisitra.

...Dia tohano ny tantsaha , omeo izay vatsy mba sahaza,
F`aza ny any an-drenivohitra , ireny hatrany no jerena.
Tsy handroso i Gasikara fa vao mainka hihemotra aza,
Raha ny manana hatrany no ampiana sy omena !

***IRINA HO TAFITA (04-05-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fihaonana voalohany nataon'ny RMDM Analamanga teny Amboanjobe Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo.**









**Ny Collectif des Elus Tiako i Madagasikara, nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety, manameloka ny antsojay atao amin'ny olom-boafidy, toy ny mpanolotsaina.**






**Fameloma-maso ny antoko TIM tany Imerintsiatosika distrikan'Arivonimamo, notarihan'ny depiote Rodin Rakotomanjato.**





## NY TENY FIAINANA




*"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izao no asan'Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny."*

***Jaona 6:29***

**"AFROBASKET U18 LAHY SY VAVY"**

# Hiara-hiasa ny COCAN sy ny FHORM

Notanterahina ny herinandro teo, tetsy amin'ny Kudeta Carlton Anosy ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny Federasiôna Malagasy Basket-Ball (FMBB)/"Comité d'Organisation de la CAN" (COCAN) sy ny "Fédération des Hôteliers et Restaurateurs de Madagascar" (FHORM), na ny vondron'ireo mpandraharaha misehatra amin'ny tontolon'ny Trano fandraisam-bahiny sy Trano fisakafoanana eto Madagasikara ka Ramaroson Jean Michel, Filohan'ny FMBB an-daniny sy Pless Johann Filohan'ny FHORM an-kilany no nisolontena azy ireo avy tamin'izany.



*FMBB sy FHORM tetsy Anosy.*

Votoatin'ity fiaraha-miasan'ny roa tonta ity ny famaritana ireo asa iombonana azo atao ao anatin'ny fampiantranoan'i Madagasikara ny "Afrobasket U18" Lahy sy Vavy izay hatao eto Madagasikara amin'ny volana jolay 2022 ho avy izao. Vinavinaina ho eo amin'ny 400 isa eo ireo delegasiôna avy amin'ireo firenena miisa 23 heverina ho avy eto Madagasikara mandritra ity lalao Afrikana haharitra hatramin'ny 15 andro ity.

***Rainilita***

**Baolina kitra any Vohipeno**

# Nanomboka ny fiadiana ny ho tompon-dakan'ny seksiôna

Nanomboka ny faran'ny herinandro teo ny fiadiana ny ho tompon-dakan'ny seksiônan'i Vohipeno any amin'ny faritra Fitovinany, eo amin'ny baolina kitra, eo amin'ny diviziôna voalohany. Lalao roa no notanterahana tany amin'ny kianja tany an-toerana ny sabotsy sy ny alahady teo: vokatra tamin'izany:

Taureau Fc Vatomasina (02) - (00) Fc Tsarahofana Seranambary.

Lalao faharoa :

AS 3FB Vohipeno (01) - (00) FC FIA Ambany Rano.

Hitohy isan-kerinandro izao fiadiana ny ho tompon-daka diviziôna voalohany amin'ny baolina kitra any Vohipeno izao.

***Coco***



*Ny ekipan'ny Taureau Fc Vohimasina, anisan'ny nilalao ny faran'ny herinandro teo tany Vohipeno.*

**Loza voajanahary**

# Mirongatra ny andiam-balala any amin'ny faritra Menabe

Samy nahazoana tatitra ny fisian'ny andiam-balala avokoa ny distrika 5 ato amin'ny faritra Menabe, hoy ny talem-paritry ny fambolena sy fiompiana, Andriamatoa Serge Andriamiarinera, fa efa faritra mena amin'ny fisian'ny andiam-balala kosa ny ao amin'ny distrikan'i Manja, satria ny kaominina 6 mandrafitra ity distrika ity dia efa samy ahitana andiam-balala avokoa.


Efa amperin'asa ireo mpamono valala, ka angidim-by sy fiara, no ampiasaina raha ny any Manja manokana, fiara kosa no ampiasaina amin'ireo distrika sasany, rehefa vita tanteraka ny ao Manja vao hikisaka hanatevindaharana ireo mpamono valala any amin'ny distrikan'i Mahabo amin'ny kaominina Mandabe sy Ankilizato ary Ambia ny angindimby, fa Manja aloha no vonjena satria efa novonoina ihany ny tao Manja saingy noho ireo valala avy any Befandriana Atsimo nikisaka ao Manja dia vonoina ao Manja mba tsy hikisaka indray. Tara moa ny famonoana satria tsy maharaka ny fanafody teo aloha, eo koa ny fitsirihina izay ataon'ny teknisianina aorian'ny tatitra azo , na dia izany aza dia tsy hisy vokany amin'ny voka-bary ato Menabe izao andiam-balala izao, fa ny ao amin'ny distrikan'i Mahabo no mety hisy fahasimba ny vokatra, satria anatin'ny fiakaran'ny vary mihintsy izao fotoana mampisy ny valala izao, koa miezaka ny IFVM, na ny ivonterana famonoana valala eto Madagasikara, mandamina ny famonoana ny valala. Ka entanina ny olona tsy hihinana ireo valala efa maty tratran'ny fanafody. Raha ny tatitra sy fidinana ifotony nataon'ireo teknisianina dia efa mahatratra 5.000 Ha ny velaran-tany anjakan'ny andiam-balala.



*Andiam-balala mamely ny any amin'ny faritra Menabe.*

***Rajepa***

## Sakafo Ny Valosoa



Ravitoto sy henomby amin'ny voanio indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hasiana ranona kôkô sy kôkô nokikisana ny ravitoto sy henomby. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ranom-bary mena

Ny soa azo avy amin'ny ranom-bary mena indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Nt ranom-bary mena dia sady mahasalama no mamerin'aina ireo rera-dava. Ny ranom-bary mena dia tena manan-karena otrikaina maro ka tena mahasalama, no sady misoroka aretina maro.

Be FIBRES izy mampidina ny tahan'ny siramamy any amin'ny rà,

MANGANÈSE: ny "manganèse" ao aminy dia mandrisika ny fiforonan'ny "acide gras".

PHOSPHORE, CALCIUM: ahitana ireo mineraly voatanisa ireo amin'ny tahany ambony ao aminy, ka manatsara ny fikorian'ny rà, manatsara ny fitempon'ny fô, raha fintinina dia tena manatsara ny fô ny fihinanana azy. Manamafy ny taolana, manatsara ny hozatra.

FER: ilain'ny olona tratra ny "anémié" ny mihinana azy matetika.

VITAMINE B1, B2, B6, POTASSIUM, CALCIUM, PHOSPHORE, MANGANÈSE, MAGNÉSIUM, FER, FIBRE: ireo otrikaina maro sy mineraly izay hita ao aminy ireo dia mampiakatra ny tahan'ny "systeme immunitaire", mandanjalanja ny "tension artérielle", misoroka sy miady amin'ny harerahana mitarazoka(fatigue), misoroka sy manampy ny olona misy "depression" mandalo.


FOMBA FIKARAKARANA AZY: mahandro vary mena atao vary sosoa, somary atao betsaka ny ranony ary rehefa hita fa marihitra ilay ranony dia tsihifina atao anaty kaopy (150 ml), sotroina 20 min alohan'ny hisakafo hariva ary atao mandritry ny 10 andro misesy.

FOMBA FIKARAKARANA AZY HOAN'NY OLONA MISY HARERAHANA MITARAZOKA (FATIGUE): Mahasolo "sérum" mihitsy ity fomba iray ity, mba hampatanjaka haingana ny olona misy harerahana mitarazoka, sy ireo izay tsy ampy otrikaina sy mineraly. Maka ranom-bary mena marihitra tsara 1 kaopy 250 ml, asiana sira tsongo iray(1), rehefa somary matimaty dia asiana tantely iray(1) sotrokely, sotroina ny maraina, 10 min alohan'ny hisakafo maraina ary mikarakara vaovao indray ny hariva, ka sotroina 10 min alohan'ny hisakafo hariva. Atao mandritry ny 10 andro misesy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Banlieue Ambatondrazaka, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Banlieue Ambatondrazaka, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatondrazaka ambanivohitra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity, satria 939 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary; ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, katsaka; ny anana isan-karazany. Mpiompy omby sy akoho amam-borona koa ny any amin'ny Banlieue Ambatondrazaka.



FISOLOKIANA

# Vehivavy nipetraka tamin'ny trano fandraisambahiny nandritra ny 1 volana tsy nandoa vola

Naharay fitarainana ny teo anivon'ny polisy teto Morondava faritra Menabe, avy amin'ny tompon'andraikitrin'ny trano fandraisambahiny iray, fa misy vehivavy efa iray volana tsy nandoa hofan'ny trano sy sakafony mivantana ao amin'izy ireo. Tsy niandry ela ny polisy fa avy dia nampanantsoina ity vehivavy ity ary noho ny valin-teny hafahafa nataony dia niroso tamin'ny fisavana ny entany ny polisy, ka hita tamin'izany fa mampiasa karapanondro roa ity vehivavy ity : ny iray no tena azy, fa ny iray kosa amin'ny anaran'olon-kafa, fa ny sariny no nataony taminy, izay lazainy fa karapanondro hitany tany amin'ny By-pass. Efa trano fandraisam-bahiny roa eto Morondava no voasolokin'ity tovovavy ity, izay efa mitentina 10 tapitr'isa Ariary. Milaza izy fa hividy vokatra fa mbola miandry vola, ka matoky ireo tompon'ny trano fandraisam-bahiny sady mandefitra satria vitsy ireo vahiny, hay olona mpisoloky izy ity.



*Kaomisera Seraly Hercule.*

Nandritra ny tafa nataon'ny talem-paritry ny polisy : Commissaire divisionnaire Seraly Hercule tamin'ny mpanao gazety, no nanambarany ihany koa, fa tratra ny olona ahiahiana namono ilay tovovavy hita faty teny amin'ny sisin-dranomasina, izay ny sakaizany ihany no namono azy. Tsy niaiky ny heloka vitany moa ity farany, fa ny fanadihadiana kosa dia mitazona azy. 3 no voatazona amin'ity raharaha ity : ny iray ny tompon-tranon'ilay maty, ny roa kosa sakaizany. Hatolotra ny fitsarana izy ireo, ka ny fitsarana no tompon'ny teny farany makasika azy ireto, na dia izany aza dia samy mbola mitohy ny fanadihadiana, hoy i Commissaire divisionnaire Seraly Hercule, mikasika ilay karatra nampiasain'ilay vehivavy nisoloky hoe : an'iza ilay karatra. Mikasika ilay vono olona koa satria mpanao cash point ilay tovovavy ary mbola tsy hita ireo finday.

***Rajepa***

Mpiasan'ny CNAPS misotro rorono

# Manahy ny amin'ny ho avin'ireo mpiasa mpandoa latsakemboka ao

Manoloana ny zavatra maro ataon'ny fanjakàna ankehitriny ao amin'ny Cnaps dia maneho ny alahelony, sy hatezerany ireo mpiasan'ny Cnaps teo aloha izay efa misotro ronono ankehitriny. Nisy araka izany ny resadresaka nataon'ireto farany tamin'ny mpanao gazetin'ny Ny Valosoa Vaovao. Raha ho anay manokana hoy ireto ray amandreny ireto araka ny nambarany, dia tsy tokony hiteny intsony izy ireo, satria efa mahazo taona no tsy misy fiantraikany mivantana aminy intsony izay mety ho loza manjo ny Cnaps ankehitriny, indrindra ireo izay mpiasa marobe mandoa ny latsakemboka ao, fa tsy mety ary tsy mandry ny eritreritray hoy izy ireo. Zavatra tsy fahita hatramin'izay tao anatin'ny fotoana nijoroan'ny Cnaps hoy izy ireo, ny zavatra misy ankehitriny. Ohatra ny misy eritreritra mihintsy hoy ireto zokiolona ireto ny hanapotehina ny orin'asa na ankolaka io na mivantana, ka anaovana ny Cnaps ho toy ireo orin'asa toy ny banky BFV sy BTM teo aloha, ny Gara sns … Na tiana omena olon-kafa mihintsy ny fitantanana izany. Hatramin'izao isika miteny izao, mbola tsy niova ny sata mifehy ny Cnaps, nefa dia ataon'ny mpitantana araka izay tiany hanaovana azy. Maka vola ao amin'ny Cnaps ny filoha nandritra ny hamehana ara-pahasalamana, ka mampindrana vola alaina ao amin'ny Cnaps toy ireny Banky ireny. Nampindrana vola ny kaominina Antananarivo Renivohitra 11 miliara ariary, ny Cnaps no mandoa ny karaman'ny mpanazatra ny Barea, sns… Velom-panontaniana izy ireo hoe: aiza ny Bianco sy ny Samifin, no tsy mandray andraikitra manoloana izany ? Tokony hisy ny fanaraha-maso ataon'ny fitondràna amin'ny asa izay atao rehetra, fa tsy tokony havela amin'izao fotsiny. Fa ny tena loza araka ny nambaran'ireto zokiolona ireto dia ny fampiakarana ny karaman'ny orin'asa tsy miankina, ka ny fanjakàna no handoa ny 30000 ariary amin'izany. Ny fandoavan'ny fanjakàna izany dia tsy mandoa ny vola 34000 ariary any amin'ny Cnaps intsony ny orin'asa tsy miankina, fa io no anjara raisin'ny fanjakàna hanondrotana ny karama ho azy ireo. Tena loza mitatao io fa dia ho faty tanteraka ny Cnaps ary tsy ho voaloa intsony ny fisotroan-dronon'ireo be antintra raha tanteraka izany. Ny karaman'ny mpiasam-panjakàna sasany sy ny vatsimpianarana ho an'ireo mpianatra aza sahirana ny fanjakàna mandoa azy, koa inona no vola harotsany any amin'ny Cnaps eo ? Manoloana izany indrindra dia mangataka ireto mpiasa teo aloha tao amin'ny Cnaps ireto, fa tokony hoesorina avokoa ireo olona avy any ivelany, izay tsy mahalala ny asa tokony hatao fa resaka kitranoantrano no betsaka. Havan'ny mpitondra tsy manana traik'efa amin'ny resaka fisotroan-dronono no tafiditra ao. Maro be ny mpiasa ao amin'ny Cnaps categorie 8 mahay sy mahavita ary mahatana tsara ny asa ao hoy izy ireo ary fanadinana ara-dalàna no niantsoana azy ireo. Mampaneno lakolosy izahay hoy ireto ray amandreny ireto, fa ho avy ny fotoana hiresahanay raha toa ka minia mikimpy ny fanjakàna, ka hamotika ny Cnaps, izay ny sosialin'ny mpiasa marobe no ho potika ao anatin'izany.

***Helisoa***

« Lions Club » Distrika 417

# Hifantoka amin'ny fanampiana ireo nihàran'ny loza voajanahary no ataony

Hiahy tanteraka ny mpiray tanindrazana tratran'ny fiantraikan'ny loza voajanahary, izay nifanesy teto Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indianina, ny hetsika ataon'ny « Lions Club » Distrika 417 amin'ity taona ity, ankoatran'ny asa sahaniny mahazatra. Io no nisongadina nandritra ny Kongresy ny « Lions » notanterahin'ny mpikambana « Lions club » eo anivon'ny Ranomasimbe Indianina mivondrona ao amin'ny Distrika 417, izay natao tetsy amin'ny Hotel « Radisson » Ambodivona ny faran'ny herinandro teo. Nanazava Ramatoa Manandraharisoa Edesse Soafaniry, mpiandraikitra ny serasera ao amin'ny « Lion's » Distrika 417, fa ny fanofanana an'ireo mpikambana « Lions » rehetra, mba hahafahana manatsarana ny fomba fiasa ho fanomezan-tanana ny mpiara-belona, no fandaharam-potoanan'ny kongresy. Nanohy fanazavana ity mpiandraikitra ity, fa hiroso amin'ny fifidianana an'ireo mpiandraikitra isan'ambaratongany eo


*Ny famantarana samihafa ny Lions.*

anivon'ny Distrika 417 ho an'ny fotoam-piasana Jolay 2022, ka hatramin'ny Jona 2023 ho avy izao no anton'ny Kongresy. Nanamafy Ramatoa Manandraharisoa Soafaniry, fa hamelona indray ny afoam-pitiavan'ny mpikambana ny Kongresy ary hanamafy ny traikefa izay efa ananan'ireto farany, ho fanampiana ny mpiara-belona. Maherin'ny 80 ny isan'ny fikambanana « Lion's club », izay mivondrona eto amin'ny Ranomasimbe Indianina ary hanova ny fomba fiasany ireto farany manomboka izao, ka hitodika amin'ny fanatsarana ny sosialim-bahoaka vokatry ny fiantraikan'ny « Covid », sy ny fandalovan'ny loza voajanahary nisesisesy.

***Franck Razakambelo***

Tarika« Zovy »

# Mivoy ny mozika rock

Ny taona 2020 no najoron'i Nanou, izay lehiben'ny tarika, mpihira ary mpamorona ireo sanganasa, sy i Eric mpitendry ny gitara maranim-peo sady mpandrindra ireo vazo ny tarika « Zovy ».


*Nanou, anisan'ireo nanangana ny tarika « Zovy ».*

« Zovy » mihitsy no natao anaran'ny tarika, hoy i Nanou noho ny tsy fahitana anarana nasalotra ny tarika hatramin'izao. Nitoetra mandraka androany ho fanontaniana tsy nahitam-baliny, araka izany, ny anarana nampitondraina ny tarika. Ny fikirakirana ny mozika Rock sy ireo endrika gadona maro loko mandrafitra ity mozika mavesatra fanta-daza sy be mpankafy manerana izao tontolo izao ity, no ifaharan'ny trandran-kanton'ny « Zovy ». Ampahany amin'ireny ny fiangaliana ny « power », « heavy », sns...

**Mampiavaka ny tarika « Zovy »**

Mampiavaka azy ilay feo mifameno eo amin'ireo mpitantsoroka izany sy ny rindran-javamaneno tsy misy tomika rehefa mandrafitra vazo izy ireo. Mampita hafatra mafonja sy sahaza ny isan-tokonana ihany koa ireo vazonay, hoy hatrany i Nanou. Fady ho an'ny « Zovy », araka izany, ny hanolotra tononkira tsy misy votoatiny ho an'ireo mpankafy. Ny « Mahasoa » sy ny « Mahafinaritra ». Ireo hatrany, araka izany, no ezahan'ny « Zovy » hampiraisin-dalana.Tsy miainga amin'ny nofinofy rahateo ireo dingana sy ny fomba entin'ny « Zovy » manajary ireo vazony, fa mifaka tanteraka amin'ny endrim-piaraha-monina nisy tetsy sy teroa. Vokany, mora ho an'ireo mpankafy ny mandray sy mitelina ireo hafatra raiketiny anatin'ny hafinaretana tsy hay ambara.

Ampahany amin'ireo sanganasan'ny tarika voajary tao anatin'ny 02 taona nitsanganany ny «Tena tia », « Ny hafatro » ary ny vaovao be efa maro mpankafy sahady ankehitriny ny « Sipa be vinany ». Vinanasa ny hiketrehana rakikira voalohany amin'ity 2022 ity ho an'ny « Zovy ».

Nomarihan'i Nanou, fa tsy hijanona eto an-tanindrazana ihany ny fampahalalana ny kanton'ny tarika « Zovy », fa ezahana ny hivimbina sy hizara izany hatrany Dilambato, mba ho haja sy voninahitry ny mozika malagasy.

***Lalasoa Razafindrakoto***

MMF: Mpampianatra Mpanabe ho an'ny Fanovana

# Manomana fifaninanana "Neny Miavaka" noho ny fetin'ny Reny

Manomana fifaninanana noho ny fetin'ny Reny ho avy amin'ity volana mey ity ny fikambanana MMF, na Mpampianatra Mpanabe ho amin'ny Fanovana eto amin'ny faritra Analamanga. Santatra ambavarano izao fifaninanana izao, fa mbola hitohy isan-taona ny fifaninanana. Nanomboka tamin'ny 25 aprily ny fifidianana izay ho "Neny Miavaka" ity, ny fepetra amin'izany dia reny manana talenta miavaka no mandray anjara: Neny naha-lehibe, nahatafita zanaka,... Manana tantara miavaka teo amin'ny fiainana. Ny tsirin-kevitra tamin'izany dia avy amin'ny mpandrindra, mpamorona sy ny filohan'ny MMFA. Ny 4 jona ny fifidianana izay ho mendrika ao amin'ny Live Hotel Andavamamba. Miisa 10 hatreto ireo mpandray anjara amin'izany. Mbola hitohy isan-taona ity fifaninanana " 'NENY MIAVAKA " ity, ka ho ezahan'ny mpikarakara hatsaraina hatrany, araka ny vaovao nampitain'ny iray amin'ireo mpikarakara: Lalaina Ravahy.

***Aly***


*Ireo avy amin'ny MMF Analamanga.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 07/05/2022 hatramin'ny 14/05/2022**

**- RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86/034 07 229 86

**- TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

**- DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49

**- HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

**- ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1295-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MANAO TSIPAIPAIKA NY VAHOAKA**

## Tsy vitan'ny fanjakana intsony ny fanamboarana ny RN8

Manoloana ny faharatsin'ny lalana RN8 mampitohy an'i Belo sur Tsiribihina sy Morondava faritra Menabe, izay mirefy 90km hatao anatin'ny adin'ny sivy dia nandray andraikitra ireo vahoaka izay notarihin-dRamatoa Ramanamihanta Olga, ka naka ireo fitaovana tao amin'ny faritra ary manao tsipaipaika, mba hanamboarana iny RN8 iny, satria raha noresahiny ny tao amin'ny faritra dia nilaza fa ny fitaovana misy, fa ny enti-manana hampihetsika azy ireo no tsy misy. Hatramin'izao tsy mbola tonga na ny tetibola 2021 tokony hiasan'ny faritra, nandray andraikitra avy hatrany ramatoa Olga, ka naka ireo fitaovana ary niantoka ny karaman'ny mpiasa sy niantoka solika nanao antso avo tao amin'ny tambazotran-tserasera moa izy, ka maro no efa namaly satria dia efa nahazo gasoil 370 litatra raha 2500 litatra no ilaina hahavita izany lalana izany. Ny faritra no nanome ny ingénieur ,



*Ramatoa Olga, nandray antanana, ny fanamboarana ny lalana Belo Tsiribihina-Morondava.*

mampalahelo ny zavatra misy hoy ramatoa Olga fa raha nantsoina mba hanampy ny solombavambahoakan'i Belo sur Tsiribihina dia fanakiviana sy fanakanana no nataony "aleo ho simba eo hoy izy fa tsy vita io , programme ngezabe io ka zaho tsy hanampy na dia Ariary aza " hoy ingahy Depiote , toa mampalahelo raha izany ny toe-tsain'ny olom-boafidy. Nanambara mazava ramatoa Olga, fa tsy misy ambadika politika no nanaovany ny asa fa mahatsiaro ny fijalian'ny olona mampiasa ny lalana izy, sady amin'ny maha mpanangom-bokatra azy koa izay sahirana amin'ny fitaterana dia nandray andraikitra izy. Koa manao antso avo izy amin'izay tsara sitrapo, mba hanampy azy fa mbola lavitra ny ezaka. Mangarahara tanteraka ny fitantanana izay fanampiana ho azo hoy izy, koa miantso ireo vato nasondrotry ny tany avy ao Belo sur Tsiribihina izy, mba hanampy azy. Ity ny laharan'ny findainy 034 74 364 20 ho an'izay hanampy .

Hatreto dia mahatsiaro ho kamboty mihintsy iny distrikan'i Belo sur Tsiribihina iny, satria tsy misy ny fandriampahalemana , vidimpiainana miakatra isan' andro , ny lalana ratsy, ny solombavambahoaka mba nantenaina hitondra ny tarainan'ny vahoaka tsy hita itarainana. Koa manao antso avo ny vahoaka raha mbola misy mpitondra afaka mihaino azy ireo ihany eto Madagasikara.

***Rajepa***

18 ème Promotion Ceds

## Nikarakara dinik'asa ho an'ny taranaka, hanatsarana ny ho avin'i Madagasikara

Fahombiazana ny fanatontosana ny Dinikasa ho an'ny taranaka nahafahana nandinihana ny anio sy ny ampitson'i Madagasikara, izay natao tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy ny Zoma teo. Hetsika izay nokarakarain'ny andiany faha-18 eo anivon'ny CEDS (sehapiofanana mamolavola manam-pahaizana amin'ny Diplaomasia sy ny Stratezia) miara-miasa amin'ny GCC (Grand Cercle Ceds), nandraisan'ny olom-pirenena rehetra anjara, ka "Omaly, anio, ampitso ho an'i Madagasikara", no lohahevitra nitondrana ny dinikasa, mba hanatsarana ny ho avin'i Madagasikara. Nanazava Andriamatoa Andriantahiana Rivo, filohan'ny "18ème Promotion" fa ny anaran'ny Jeneraly Ratsimandrava Richard, no nisaloran'ny andiany faha-18 ary ny voambolana hoe"Tsy miamboho adidy", no noraisin'ireto farany entina hanambarana, fa tsy tokony hihemotra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena ny olom-pirenene rehetra. Nanamafy Andriamatoa Andriantahiana Rivo, fa tsaratsara kokoa ny miverina mandinika ny lasa, mba hahafahana mibanjina ny anio sy ny ho avin'i Madagasikara manoloana ny fivoaran'ny toe-draharaha eto amin'ny firenena. Hisy ny tsoa-kevitra horaisin'ny mpandray anjara aorian'ny dinikasa, izay natao ary hozaraina any amin'ireo haino aman-jery izany fehin-kevitra izany, mba hahafahan'ny sokajin'olona rehetra mandray fanapahan-kevitra manoloana ny fiainam-pirenena.

***Franck Razakambelo***





*Dinikasa tetsy amin'ny Hotel Carlton.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 393**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0392)

***Mitsivalana***
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

***Mitsangana***
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANARAKA N° 393




**Mitsivalana**

**1.** Asiana fantsika **2.** Miantso – Mpanondro – Fiandohan'ny andro **3.** Mpanoritra – Kianteny – Tsirin-teny Iharana **4.** Ho haninao **5.** Foibe, toeram-piaingana **6.** Miaramila ambony – Mena lalandava **7.** Foko **8.** Ao an-damosina – Solfa **9.** Potehina (miv) **10.** Ariary – Heloka (miv) – Saka bory rambo

**Mitsangana**

**A.** Fanohizana zavatra iray **B.** Tamy – Tsofoka **D.** Antsasaky ny tany – Bozaka **E.** Tanisaina **F.** Ilainareo (miv) **G.** Eny, ekena – Dianao **H.** Mariky ny ho avy – Vokatra aoriana, tamberina (miv) **I.** Inona ? – Matanjaka **J.** Hita ao amin'ny fery – Faran-teny **K.** Anorenana

### Valiny Teny mifanaraka 0392

**Mitsivalana**

**1.**Sakafo - Tao **2.** Iraka - GR **3.** Lalina - Any **4.** Ina - Afafy **5.** Kil(a) - Dika **6.** Akany - In **7.** Eo - Nandao **8.** OO - Farara **9.** (T)aon(a) - Atao (miv) **10.** Lainga (miv) OO

**Mitsangana**

**A** Solika - Ora **B.** Anikeo **D.** Kilalao - An(a) **E.** Ary - Foy **F.** Fanadinana **G.** Fako (miv) - Ar **H.** Adinao **I.** Afindrao **J.** Kinga (miv) - Aato **K.** Ory - Avo


Vente
EXPOSITION
à Behoririka
A l'occasion de la
Fête des Mères
jeudi samedi
du 26 au 28 Mai
CONTACT: Tel. 034 79 076 00